

Manoloana ny voina sy ny tondra-drano nateraky ny oram-be nikija nandritra izay roa andro izay dia nanapa-kevitra aho ny hanemotra ny diako makany Mahanoro, androany Alarobia 19 Janoary 2022 izay tokony nanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny taona fambolen-kazo.

Misy ireo ezaka ataon'ny mpamonjy voina ary efa hatry ny alina, mbola mitohy amin'izao fotoana izao ny fijeren'ireo tompon'andraikitra, ireo fepetra horaisina, manoloana ny fiakaran'ny rano eto Antananarivo Renivohitra.



Mila mifanampy isika amin'ny fanampiana ireo mpiara-belona traboina. Noraisin'ny fitondram-panjakana tarihiko avy hatrany **ireo fepetra rehetra laharam-pahamehana** manoloana ny zava-mitranga eto Antananarivo, roa andro misesy izao taorian'ny firotsahan'ny rotsak'orana betsaka izay tsy mbola fahita hatrizay teto Antananarivo.

Santionan'izany ireto manaraka ireto :

- Ny fametrahana ireo toerana miisa 18 natokana handraisana ireo traboina efa manodidina ny 8457 izay hisy ny fanomezana sakafo mafàna, lamba firakotra sy fitaovana fiarovana amin'ny Covid 19. Hisy ny fametrahana rano fisotro madio sy « *cliniques mobiles* » ary mpitsabo hijery ny Fahasalaman'izy ireo ;

- « ***Moto-pompes*** **» vitsivitsy ihany koa no hiasa hitroaka ireo rano mitobaka** eny anivon'ireo tànana maromaro izay dibo-drano ;

- Mitohy ny **fanadiovana ireo tatatra maro eto Antananarivo**, izay tsentsin'ny fako sy ny loto. Asa izay efa natomboky ny Fiadidiana ny Tananan' Antananarivo ;

-Noraisina ireo fepetra mikasika ireo **toeram-ponenana tandindonin-doza** mety hirodana vokatry ny fihotsahan'ny tany ;

-Hamboarina afaka andro vitsivitsy **Ireo làlana rehetra misy fahasimbana sy fihotsahana vokatry ny rotsak'orana** Farany dia ho **fiarovana ny ankizy sy hisorohana ny loza dia tsy mianatra ny mpianatra mandritry ny roa andro.**

Mampahery antsika rehetra ary manentana antsika samy haka ireo fepetra rehetra ahafahantsika miaro ny aintsika.

Miray fo tanteraka amin'ireo traboina vokatry ny rotsak'orana be ny tenako ary mitrotro azy ireo am-bavaka.

**Andry Rajoelina**

**Filoham-pirenen’ny Repoblikan’i Madagasikara**

**Noraisin'i Jeannot Ramambazafy**